# “Tsy hambarako anareo ve ny tsara indrindra amin’ny asanareo, izay madio indrindra eo imason’ny Mpanjakanareo, izay ambony indrindra eo amin’ny voninahitrareo

Tatitra azo avy tamin'i Abo Darda (R.A) : Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe: “Tsy hambarako anareo ve ny tsara indrindra amin’ny asanareo, izay madio indrindra eo imason’ny Mpanjakanareo, izay ambony indrindra eo amin’ny voninahitrareo ary tsara kokoa ho anareo noho ny famoahana volamena sy ny vola, ary tsara kokoa ho anareo mihoatra fifandonanareo amin'ny fahavalonareo ka tapahinareo ny vozony ary hotapahainy ny vozonareo?" Namaly izy ireo hoe : Eny dia hoy ny Mpaminany (S.A.W) : “Ny fahatsiarovana an’I Allah ilay Tsitoha”.
[Mari-pototra] [Notantarain'i al-Tirmizì sy Ibn Màjah ary Ahmad]

Nanontany ireo mpanara-diany ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe: . Tianareo ve ny hilazako aminareo sy hampahafantatra anareo ny asa tsara indrindra, mendri-kaja indrindra, madio ary tsara indrindra eo imason'I Allah Ilay Mpanjaka, Ilay Tsitoha? . Ary tena mampiakatra ny voninahitrareo ao amin'ny Paradisa? Ary tsara aminareo mihoatry ny fanomezana volamena sy volafotsy? Tsara ho anareo mihoatry ny mifanena amin'ireo tsy mpino hiady, ka mikapoka ny vozony ianareo, ary mamely ny vozonareo koa izy ireo? Namaly ireo mpanara_diany hoe : Eny, ilainay izany. Niteny izy (S.A.W) hoe : Fahatsiarovana an'I Allah amin’ny fotoana rehetra sy amin’ny endrika rehetra ary amin’ny toe-javatra rehetra.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee